REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MSK

MINISITERAN'NY SERASERA
SY NY KOLONTSAINA
-------

# FAMPITAM-BAOVAO

## Mahakasika ny "harem-bako-pirenena"

Ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina no tompon'andraikitra amin'ny fitantanana ny Harem-bako-pirenena izay miisa 177 ankehitriny.

Misy karazany maro ny Harem-bako-pirenena izay ahitana Toerana miavaka sy Zava-naorina voajanahary sy ara-kolontsaina.

Araka ny Hitsivolana mahakasika ny Harem-bako-pirenena tamin'ny volana novambra 1982, ny Minisitera miandraikitra ny fiarovana ny harem-bako-pirenena dia afaka mamoaka didy hanoratana sy/na fanokanana ny Toerana miavaka sy Zava-naorina.

Ny Fanoratana ataon'ny Fanjakana amin'ny Toerana miavaka sy Zava-naorina dia fanoratana ho ao amin'ny boky fitanisana ny harem-bako-pirenena rehefa manana endrika mirakitra tantara, maritrano, haifoko, na voajanahary….(Toko 1, And.4 sy Toko 2, And.7)

Ny Fanokanana dia faneken'ny Fanjakana fa sarobidy tsy azo lavina ho an'ny Firenena ny fananana iray ho anisan'ny harem-bako-pirenena ary ahafahana mampidittra azy ho ao anatin'ny Lisitry ny Harem-bako-pirenena (Toko 3, And.14)

Ny Fanoratana sy ny Fanokanana dia mahatonga an'ilay Toerana miavaka sy zava-naorina hantsoina hoe Harem-bako-pirenena.

Misy ny fepetra mihatra vokatr'io Fanoratana sy Fanokanana io (Toko 2, And.8a, b, d (…) sy Toko 3; And. 3, a, b; d)

Araka ny lahatsoratra nivoaka tao amin'ny La Tribune de l'Art mitondra ny lohateny hoe " Tandindomin-doza ny harem-bakok'Antananarivo ", dia tianay ny manome izao fanazavana izao :

Ny Tranoben'ny Paositra Antaninarenina dia sady tsy ao anatin'ny boky fitanisana ny harem-bako-pirenena no tsy ao anatin'ny lisitra mirakitra ny Harem-bako-pirenena izay tantanan'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina.

Mikasika ny Lapan'Ambohitsorohitra kosa dia tsara ny mampahafantatra fa tsy ny trano lehibe no amboarina fa ireo fanorenana eo amin'ny fefy izay efa mihasimba sy atahorana hihotsaka.

Ny Rovan'Antananarivo sy ny Lapa Manjakamiadana kosa dia misy rafitra natsangana izay atao hoe Komity Siantifika ka ivondronan'ny mpahaitantara, ny mpahaigolantany sy ny mpahaimozea. Noho izany dia tsy misy asa fanarenana na fanorenana azo atao raha tsy mahazo ny fankatoavan'io Komity io.

Ny fitantanana an'ireo tranom-panjakana voatanisa teo ireo hatramin'izao dia tsy mivaona fa manaraka ny fenitra tokony ho izy avokoa. Ny tompon'andraikitra tsirairay dia tsy afaka ny hanatanteraka asa fanarenana raha tsy mahazo fankatoavana avy amin'ireo matihanina amin'ny fitantanana harembakoka.

Antananarivo, 20 may 2020

Ny Talen'ny Fifandraisana amin'ny Daholobe

Nampoina RANARIVELO